Fitondrana Rajoelina madiva hifarana 3
## Tsy misy fihafarany ny fahafaham-barakany

Fifidianana Filohampirenena ho avy 2
## Mbola baraingo ny fahadiovan'ny fifidianana


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 18 aprily 2023 Laharana 1426 Vidiny : 600 Ar


Fiafaran'ny Ramadany 7

## Andro tsy hiasana fa handraisana karama ny zoma 21 aprily


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Fitsidihana tany Menabe** 3

# Ny filoha Ravalomanana no tena rain'ny malagasy rehetra





**Filoha Ravalomanana sy ny ankohonany** 2

# Nanamarina ny anarany tao amin'ny fokontany Faravohitra



**Ampangabe Ambohidratrimo** 7

# Vehivavy nahatratrarana vola sandoka 2.800.000 Ar



**Mpanakanto mpivohy tsapika salegy** 7

# Lasa ambasadaoron'ny Telma koa i Lico Kininike




**Profesora Narison Stephan** 3

Sao Présidence Collégiale fa tsy Président tokana no mety amintsika

**Ny Valosoa sy Mahasoa** 5

Fitsaboana natoraly ny aretin' ny voa, aty, vavony, tsinay

**Daka kely**

Tsy tafa izany intsony nareo na ho entina eran'ny vazantany efatra aza ny lôranjy ry Boaikely a !

FILOHA RAVALOMANANA SY NY ANKOHONANY

## Nanamarina ny anarany tao amin'ny fokontany Faravohitra



*Ny filoha Marc Ravalomanana sy ny ankohonany, tao amin'ny biraon'ny fokontany Faravohitra.*

Taorian'ny fahatongavan'ny filoha Marc Ravalomanana namonjy ny kongresim-paritry ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) tao Menabe, izay natao tao amin'ny renivohitry ny faritra ao Morondava ny faran'ny herin'andro teo , dia tsy niandry ela ny filoha Marc ravalomanana, fa avy hatrany dia nijery ny anarany sy ny ankohonany, tao anatin'ny lisi-pifidianana tao amin'ny fokontany ipetrahany ao Faravohitra. Izany no isan'ny efa nanentanany mafy ombieny ombieny ny TIM sy ny olom-pirenena tany amin'ny toerana izay nandalovany , satria tsy afaka manao n'inon'inona ianao hoy izy rehefa tsy tafiditra ao anaty lisitra ny anaranao, na sefom-pokontany aza . Hita tao anaty lisitra ny anaran'ny filoha Marc Ravalomanana ary tsy nisy diso. Fa ny an'i Neny Lalao Ravalomanana no nisy diso dia tsy maintsy napetraka ny fanamarihana hanitsiana azy hoy ny filohan'ny fokontany tao Faravohitra . Nisy ny toromarika avy amin'ny filoha Marc Ravalomanana, indrindra ho an'ny antoko TIM manerana an'i Madagasikara, mba hanentana ny olona hijery ny anarany . Ireo izay tsy tafiditra ao anaty lisitra dia mbola misy ny fotoana hatramin'ny 31 mey 2023 izao, handehanana any amin'ny fokontany misy ny tsirairay avy.

***Helisoa***

TIM Mananjary

## Manentana ny mponina hisoratra amin'ny lisi-pifidianana



*Ny fanentanana nataon'ny antoko TIM tany Mananjary.*

Nivory ny solontenan'ny vehivavy TIM isam-pokontany tao Mananjary faritra Vatovavy, izay notarihan'ny ny filohan'ny DISTIM any an-toerana. Nomena ny toromarika izy ireo, hijery ny anarany ao anaty lisipifidianana eny amin'ny fokontany misy azy ireo tsirairay avy ary hanentana ny mpiara-monina mbola tsy nahavita nanoratra ny anarany koa hanatona ny biraom-pokontany hanatanteraka izany. Marihina fa mbola 70% no mpifidy any Mananjary no voasoratra anarana. Mbola manana fotoana hatramin'ny 30 mey ny rehetra, ho any amin'ny fokontany amin'izay fisoratana anarana izay.

***Niaina***

Ry olom-pirenena feno 18 taona

Hatramin'ny 31 Mai 2023 ny fara fisoratana anaty lisim-pifidianana!!

ZO SY ADIDY NY MIFIDY

### Ny Valosoa sy fakafaka

Fifidianana Filohampirenena ho avy

## Mbola baraingo ny fahadiovan'ny fifidianana

Amin'ny 9 novambra ho avy izao ny daty natolotry ny CENI, fa daty tokony hanaovana ny fifidianana filohampirenena izay efa navoaka ho fatam-poko ho fatam-pirenena . Mandritra izany dia efa hita ho may volotratra ny fitondràna , ka mitady ny hevitra hampandriana adrisa ny vahoaka Malagasy, izay efa latsaka lalina ao anaty fahantrana tanteraka . Ny antoko TIM manokana dia manao fanentanana ny olom-pirenena hiditra ao anaty lisi-pifidianana, satria izay no lalana tokana ahafahana maneho ny safidy amin'ny alalan'ny fifidianana. Ny fahadiovan'ny fifidianana dia mbola baraingo, satria mitady hevitra ny mpitondra ankehitriny mitady ny hevitra rehetra mbola hijanonany eo amin'ny fitondràna . Ao anatin'izany ny fampiasàna ireo olom-panjakana eny amin'ny faritra maro manerana ny Nosy toy ny prefet , ny distrika , ny sefom-pokontany . Nanambara sy namaky bantsilana izany ny filoha Marc Ravalomanana, nandritra ny kongresim-paritry ny TIM tany Morondava Menabe, fa misy governora any amin' ny faritra Atsimo mamorona fokontany sy biraompifidianana tsy ara-dalàna . Misy ihany koa Madame Simone DGI, tale jeneraly ao amin'ny minisiteran'ny atitany sy ny fitsinjaram-pahefana, mamory ireo sefom-pokontany manerana an'i Madagasikara, manao tetidratsy hangalaram-bato miainga avy amin'ny lisitry ny mpifidy . Hita ihany koa ny fanambatambazana ireo ben'ny tanàna, amin'ny fanomezana moto ho azy ireo . Araka ny re ihany dia toa hizara kit solaire ny mpitondra, hambaboana ny fon'ny olona amin'izao delestazy manadala izao . Dia toy izany ny zavamisy amin'izao ankatoky ny hanaovana ny fifidianana izay marihina fa mbola tsy namoaka daty raikitra ny governemanta, na efa nanolotra izany aza ny CENI . Ny fifidianana aloha tsy maintsy misy amin'ity taona ity, satria lany ny fotoam-piasanan'ny mpitondra, sao mieritreritra ny mbola hijanona eo ihany, satria efa tena leo ny ankamaroan'ny vahoaka amin'ny fijaliana mahazo azy. Ny rehetra koa efa mailo ka tsy ho voafitaka amin'ny lainga tsara lahatra intsony. Fa na izany aza, mila mailo hatrany, satria hanao izay fara heriny ny mpitondra TGV, satria mbola mizahozaho ihany izy ireo, fa mbola tsy nisy naharesy azy hono!

***Helisoa***

Faritra Diana

## Voafidy ny mpitarika ny Vehivavy TIM Nosy-Be

Nametraka ny mpitantana ny vehivavy TIM ny tany amin'ny distrikan'i Nosy-Be faritra Diana. Voafidy ho filohan'ny Vehivavy Tiako i Madagasikara (TIM) any amin'ny distrikan'i Nosy-Be Hell-Ville, Ramatoa Hoanaka Clémentine. Ny faran'ny herinandro teo, no nivory ireo mpitarika ny andriambavilanitra avy amin'ity antoko ity tany an-toerana, nifidy sy Nangana ny birao hitantana ny biraon'ny Vehivavy TIM Nosy-Be. Nanambara Ramatoa Hoanaka Clementine nandritra izany, fa hiasa, hiasa mafy hiasa tsara no tanjona hoy izy, hametrahana ny filoha Marc Ravalomanana hitantana ny firenena indray.

***Stefa***



*Ny filohan'ny Vehivavy TIM Nosy-Be.*

FITSIDIHANA TANY MENABE

# Ny filoha Ravalomanana no tena rain'ny malagasy rehetra

Nisongadina tamin'ny fitsidihan'ny filoha Marc Ravalomanana, filoha nasionalin'ny antoko TIM, tany amin'ny faritra Menabe: tany Morondava, sy tany Mahabo, fa izy tokoa no tena rain'ny Malagasy, raha ny zavatra hita sy tsapa tamin'ny fihaonany tamin'ireo olona nandalovany, na tany Morondava, na tany Bemanonga, na tany Ankilivalo, Mahabo. Na ny fiarahany niombom-bavaka tamin'ny kristiana tao amin'ny fiangonana FLM Betela tao amin'ny renivohitry ny faritra Menabe. Antsoantson'ny rehetra sendra azy ny hoe: vonjeo zahay Dada fa mijaly. Mbola heno koa izany, nandritra ny kongresim-paritry ny antoko najorony tao Morima Morondava. Fa ankoatra izany, mbola niantso ny rehetra izy hisoratra anarana amin'ny lisi-pifidianana, satria mbola misy ny fotoana. Nanotrona azy tany an-toerana ny avy amin'ny birao politika nahitana ny sekretera jeneraly Rina Randriamasinoro, sy ny mpandrindra nasionaly Jean Claude Rakotonirina, tany koa ireo depiote avy amin'ny antoko TIM, nahitana ny filohan'ny vondrona parlemantera, ny depiote Fetra Ralambozafimbololona, ny depiote Mamy Rabenirina, ny depiote Rastany, ary ny depiote Ramboasalama Emilien.



*Ny filoha Marc Ravalomanana tao amin'ny FLM Betela Morondava.*

Nahitsy ny lahateny nataon'ny sekretera jeneralin'ny antoko Rina Randriamasinoro, fa mbola manoatra noho ny dahalo mpangalatromby ny mpangalabato, nandritra ny fandraisam-pitenenana nataony. Mila jerena izany, satria mandritra ny 5 taona ve vokatry ny halabato dia mbola hiharitra eto isika vahoaka Malagasy? Hoy izy. Ho faty isika raha ny dahalo no mahazo fitondrana hoy i Rina.

Nambarany koa fa lisitra 3 samihafa no misy any Morondava amin'izao ary tsy mitovy ny isa tamin'ny famaranana vonjimaika ny lisitry ny mpifidy. Iniana tsy ampidirina ihany koa ireo mpikambana TIM eny amin'ny Fokontany. Tsy hilefitra amin'izao fomba fiasa fanahy iniana izao ny antoko TIM, ka handray andraikitra amin'ny sehatra ambony, hoy izy.

Ankoatra izany, ireo avy amin'ny antoko TIM avy amin'ny faritra Menabe, tarihan'I Rivojaona Raherimihaja, sy Maharo dia samy niantso ny filoha Marc Ravalomanana, hirotsaka hofidiana amin'ny fifidianana filohampirenena ho avy, hanavotra an'i Madagasikara, izay latsaka an-katerena tokoa amin'izao fotoana.

**Isambilo**

## Ny Valosoa sy hadihady

## Fitondrana Rajoelina madiva hifarana

# Tsy misy fihafarany ny fahafaham-barakany

Tsy misy fihafarany mihitsy ny fahafaham-barakan'ity fitondran-dRajoelina madiva hifarana ity, satria miteniteny foana na tsy mahambina izay teny avoaky ny vavany manomboka amin'ny filohan'ny Repobika, mandalo amin'ny Antenimierampirenena, sy ny mpikambana ao amin'ny governemanta, ka hatrany amin'ireo olomboatendry isan'ambaratonga. Atomboka amin'ny vava navoakan'ny filohan'ny Repoblika tany Toliara izany, ka nanambarany, fa ho dakana tahaka ny baolina, fihetsika nataony mihitsy, izay tsy mahavita azy rehetra eo amin'ny fitantanana ny Firenena. Rehefa dinihana amin'ny ankapobeny anefa dia izy mihitsy no tsy mahomby, satria amin'ireo velirano teloambinifolo izay narosony ho tanterahiny mandritra ny dimy taona dia tsy misy na iray aza vita hatramin'ny farany na tsy natomboka mihitsy. Raha tany amin'ny renivohitry ny Faritra Atsimo Andrefana izy no niteny io dia iarahamahita, fa ny dobom-pilomanosana olympika izay nampanantenainy, fa haorina any an-toerana dia na ny « vato fototra » aza tsy mbola voapetraka. Na tiana na tsy tiana dia fahafam-baraka izany, tsy eo imason'ny vahoaka ihany, fa eo anivon'ny iraisampirenena ihany koa. Mbola tany ihany no noresahany ny « Artémisia » izay namporisihany ny vahoaka hamboly ity fanaovana fanafody ity, satria sady lafo vidy izy ity eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena ary azo hasolo ny fambolem-bary izay roa taona vao vokatra, no ambany lavitra ny vidiny raha ampitahaina amin'ny an'ny « Artémisia". Raha dinihana tsara dia tsy mahavaha ny olan'ny kere izany no tsy hitondra fampandrosoana ho an'ny Faritra Androy velively. Manalabaraka ny tenany ny filohan'ny Repoblika, noho ny tsy fahaizany hoe volana firy dia vokatra ny vary. Tany Atsimon'ny Nosy ihany izy no nihantsy izay mety ho kandidà hifaninana aminy amin'ny fifidianana filoham-pirenena amin'ity taona 2023 ity. Raha dinihana anefa dia tsy ny Filoha Ravalomanana Marc na Rajaonarimampianina Hery velively, no nanaovana ny fihantsiana, satria raha ny fantatra dia tsy nisy nanao haiady izy mirahalahy ireo. Izy moa tompandaka in-dimy tamin'ny « karaté » ka ny mety hifaninana aminy izany dia ny depioten'i Toliara I, Siteny izay mpanao "judo", niresaka ny maha-tompondaka azy koa avy eo, izay filohan'ny Federasiona Afrikana amin'ity taranja ity. Ny vava tsy ambina toy izany dia manalabaraka satria olona manana toerana azo lazaina, fa faratampony eo amin'ny Firenena no miteniteny foana toy izany. Tsy ny Firenena velively no afabaraka raha notolorana amboaran'ny tompadaka eo amin'ny ady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo Rajoelina Andry, fa izy no tokony hitsanga-menatra satria Madagasikara no misy vahoaka efa ho sivifolo isanjaton'ny mponina no tratr'izany toe-javatra izany ary tsy mbola nisy toy izany teto, raha tsy amin'izao fitondrany izao. Izay ny momba ny filohan'ny Repoblika, fa ny filohan'ny Antenimierampirenena koa dia tena afabaraka tamin'ny nanaovan-dRajoelina Andry azy teny amin'ny foiben'ny TGV momba ilay fitsipahampitokisana nataon'ny solombavambahoaka 105. Tsy nasian'ny filohan'ny Repoblika hasiny mihitsy ity filohan'ny Andrim-panjakana ity. Tsy tonga irery tokoa ny fahavoazana (le maheur n'arrive jamais seul), satria dia mbola nisolelaka tamin-dRajoelina Andry indray ity filohana andrim-panjakana ity tany Ambositra. Nitokana zava-bitan'ny fitondrana hono ny filohan'ny Repoblika ka dia nisaoran'ny filohan'ny Antenimierampirenena ary dia tsy nanome hasina ny andrimpanjakana indray Razanamahasoa Christine, ka nisolelaka sy niantso ny filohan'ny TGV hirotsaka kandidà ho filoham-pirenena. Tsy izy irery no afabaraka, fa ireo depiote tsy manome hasina ny andrimpanjakana misy azy koa, ka na ireo vondrona iraisam-pirenena aza dia mihomehy izao fitondrana izao. Tsy adino ny vava nataon'ny depiote lany tany Antsiranana I, Jocelyne Maxime, izay nihantsy andim-poko tamin'ny depiote namany lany tany Toliara I. Afabaraka satria niala tsiny, hono; tamin'ny fitenenana nataony. Asa aloha raha bedy satria samy IRD ihany ary misy koa ireo depiote hafa nanaradia an'i Siteny Randrianasoloniaiko, kanefa tsy mahafafa na inona na inona ny fialan-tsiny. Raha ny toe-javatra sy ny fihetsiky ny mpitondra amin'izao fotoana izao dia efa mikorapaka izy ireo, ka azo antoka fa tsy mitsahatra ny fibolisarany, ka ho very hasina tanteraka.

**Andry Tsiavalona**

## TONONKALO

### Ampy izay !

Hoerahoera, seho ivelany no mazàna lasa aloha,
Fa raha jerena, tsisy afitsoka iretsy ekipan`ny filoha.
Mivoaka lava tsisy farany, faly ny mitety tany.
Saingy hatreto raha ny vokatra, tena mbola aotra ihany!

Teteziny ny tany masina sy ny firenem-baventy.
Voiziny ny serasera feno hafatra mirenty.
Te hiteny sy hanambara hoe hamiratra ny lanitra,
F`efa azony any am-batany ilay diloilo tena manitra !

Saingy iretsy maro an`isa, toa tsy taitra velively,
Raha mandre ireo voandalana idedahan-dry boaikely.
Ny azy, izao no ao an-tsainy: "ahoana ny amin`ny vidim-bary?
Angaha ny iray kilao tsy hoe ho lasa dimanjato ariary?"

Izay ilay laingabe nafafy tamin`iny lalana iny,
Kanjo fotaka mandrevo, izay no misy ankehitriny.
Fozaorana no laoka fa ny hena dia tsy takatra.
Vidim-piainana, misondrotra, tena tsisy izay tsy niakatra!

...Hoerahoera, seho ivelany no mazàna lasa aloha,
Kanefa fasana hitelina no efa indro fa mivoha.
Koa mandiniha sy mihevera re ry ekipan`ny mpitondra,
Tsara ho anareo ny miala f`aoka izay ny lohan`ampondra !

**IRINA HO TAFITA (12-04-23)**

Profesora Narison Stephan

# Sao «Présidence Collégiale» fa tsy Président tokana no mety amintsika

Maneho ny heviny momba ny raharaham-pirenena eto an-tanindrazana indray, Profesora Narison Stephan, manam-pahaizana Malagasy monina any Frantsa, fa manaraka ihany koa ny zava-misy eto Madagasikara. Nandritry ny 63 taona, nitsapa ny régime présidentiel nentin' olon-tokana isika, nefa tsy nahomby noho ny toetsaina hafakelin'ireo Président nifandimby, izay matetika tsy mihaino ireo mpanolo-tsaina, fa manapa-kevitra irery na tsy takatry ny sainy aza ny tokony hatao. Sao mety hampandroso sy hampitony ny Firenena ny "Présidence Collégiale", misy "Comité ny "Olon-Kendry Voasivana" manana traikefa (tsy Gouvernement Exécutif) avy amin'ny Antoko Politika samihafa, Sociétés civiles ary, ohatra, mi-Representer ny Province 6, miaraka manapa-kevitra mba hialana amin'ny Jadona, ny tsy fahombiazana sy ny fihoaram-pefy ny Président tokana ary hialana amin'ny Fanjakan'ny Vola sy ny Olan'ny Foko, izay mbola tsy afaka ao anatin'ny lohan'ny Gasy maromaro.

**Nangonin'Isambilo**



*Profesora Narison Stephan.*

NY VALOSOA VAOVAO Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny kongresim-paritry ny antoko TIM ny sabotsy teo tany Morondava faritra Menabe.**



















## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Ary ny fanahin'i Jehovah hitoetra ao aminy, dia ny Fanahin'ny fahendrena sy ny fahazavan-tsaina; ny Fanahin'ny fanoloran-tsaina sy ny faherezana; ny Fanahin'ny fahalalana sy ny fahatahorana an'i Jehovah."*

***Isaia 11:2***

### CHAMPIONNAT DE MADAGASCAR DE JUDO 2023

# Nifarana tamin'ny alahady tetsy Ankorondrano

Nifarana tamin'ny alahady 16 aprily 2023 tetsy amin'ny kianja mitafon'Ankorondrano ny fifaninanana judo « Championnat de Madagascar 2023 » nandraisan'ny sokajy sokajy "minimes", « cadets », « juniors », « séniors », « vehivavy », « vétérans » anjara nandritra ny hateloana (zoma 14, asabotsy 15 sary alahady 16 aprily 2023) sy niaraka ihany koa tamin'ny fifaninanana « katas » ary mazava loatra nisy ny ny « passage de grade » natao nandritra an'ity fifaninanana ity. Mpandray anjara nahatratra 400 avy amin'ny ligim-paritry ny judo miisa 8 manerana ny nosy izay nivoiran'ny fananan'izy ireo traikefa ambony dia ambony no nandray anjara tamin'ny fifaninanana ary nisongadina tamin' izany ny nandraisan'ilay kalaza Malagasy tompondaka eran-tany, Rasoanaivo Razafy Aina Laura ASM izay nibata medaly volamena teo amin'ny sokajy Sénior -70 kg. Ity fifaninanana ity ankoatra ny fifantenana an'ireo mpilalao handrafitra ny ekipampirenen'ny Judo Malagasy handray anjara amin' ny lalaon'ny nosy 2023 dia natao indrindra indrindra ihany koa, araka n nambaran'ny filohany FMJ, Bruno Eric Said, teny Ankorondrano nandritra ny fifaninanana, hanomanana an'ireo lalao iraisam-pirenena handraisan'ny judokas Malagasy anjara toy ny « championnat d'Afrique cadets/juniors hatao amin'ny 27, 28, 29 jolay ho avy izao, ny Jeux de a Francophonie, ny « championnat d'Afrique sady « qualification Jeux olympiques 2024 hatao amin'ny 8 septambra 2023 .




*Ny sasany amin'ireo tompondaka 2023 amin'ny Judo.*

***Rainilita***

### Basket N1A Homme- Femme 2023

# Nanomboka tany Antsirabe ny championnat national

Tamin'ny sabotsy 15 aprily 2023 teo no nanomboka tao amin'ny kianja "Gymanse Couvert Vatofotsy Antsirabe" ka tsy hifarana raha tsy amin'ny alahady 23 aprily 2023 ho avy izao ny fifaninanana basikety « Championnat National de Basket N1A Homme et Femme 2023 » izay tontosaina any amin' ny kianja " Gymnase Couvert Vatofotsy Antsirabe" ka ny "Ligue LRBB Vakinankaratra" eo ambany fiahian'ny FMBB "Fédération Malagasy de Basket Ball" no manatontosa ny hetsika miaraka amin'ny fanohanana mavitrikyy ny "Telma Madagascar" sy ny "MVola" ary ny "Youzou Madagascar". Tamin' ny alahady tolakandron' ny 16 aprily 2023 teo kosa no nanatanterahana ny fanokafana ofisialy an'ity hetsika ity izay notarihan'ny filohan'ny FMBB, Ramaroson Mika, notronon'ny filohan'ny « Ligue Régionale de Basket Ball Vakinankaratra" – LRBBV, Atoa Ralalaharison Mickael. Nisy filarambe nataon'ireo ekipam-pifaninana rehetra tamin'izany ary koa fihanihanana nataon'ny solontenan'ireo mpilalao sy mpitsara. Voka-dalao sokajy vehivavy homologué andro fahatelo : Jea Vakinankaratra – Serasera Vakinakaratra (62) – (33), Phoenix Vakinankaratra – Ascut Atsinanana (67) – (73), MB2All Analamanga – Fandrasa Matsiatra Ambony (104) – (37), Tgbc Betsiboka – Tamifa Amoron'i Mania (66) – (53). Filaharana vonjimaika taorianan'ny andro faha-2 : " Poule A" Vehivavy : 1°-Mb2 All (isa 4), 2°-Tgbc (isa 4), 3°-Jfa (isa 3), " Poule B" Vehivavy : 1°-Fandrasa (isa 3), 2°-Gnbc (isa 2), 3°-Tamifa (isa 2), 4°-Ankaratra (isa 2). Sokajy lehilahy : 1°-Copn Analamanga (isa 2), 2°-Sbc Vakinankaratra (isa 2), 3°- Bcb Boeny (isa 2).




*Fanofakafana ny basket N1A tany Antsirabe.*

***Rainilita***

### Commission Malagasy de Pancras et Submission

# Hanatanteraka ny « Open de Madagascar 2023 » amin'ny 30 aprily

Hanatanteraka ny hetsika « Open de Madagascar 2023 » etsy amin'ny kianja mitafon'Ankorondrano amin'ny alahady 30 aprily 2023 ho avy izao ny « Commission Malagasy de Pancras et Submission » tarihan'ny filohany, Mely Zafindranaivo ary eo ambany fiahian'ny Federasiona Malagasin'ny taranja Kick Boxing. Nampahafantarin'ny mpikarakara tamin'ny firesadrehana tamin'ny mpanao gazety nataony teny amin'ny Dojo Betongolo tamin'ny zoma 14 aprily 2023 teo fa handray anajra amin'ity fifaninanana ity avokoa ireo kalaza sy manana « Performance » rehetra eo amin'ity taranja ity manerana ny nosy ankehitriny. « Combats » hahatratra 30 isa ka hatramin'ny 35 isa no hatrehana amin'ity fifaninanana ity ka ny sokajy " séniors classe A sy classe B". Heno tao amin'ity resadresaka ity ihany koa fa manan-talenta sy traikefa ny atleta Malagasy eo amin'ny fiangaliana sparo ka mendrika ny ho tohanana mitovy avokoa. Miantso an'ireo tsara-sitrapo sy malala-tanana izy ireo noho izany mba hanohana tsy misy fepetra an'ireo altleta Malagasy. Mbola heno tetsy Betongolo ihany koa fa tsy miantsy miomanan'ny miangaly ny Pancras Malagasy amin'ny fiatrehana ny "Frappe au sol" manomboka izao izay efa mihatra mandritra ny fifaninanana iraisam-pirenena any ivelany any ankehitriny na dia mbola tsy hampiharina amin'ity " Open de Madagascar 2023 " ity aza.



*Pancras Malagasy tetsy Betongolo.*

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Henakisoa sy holatra indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fitsaboana natoraly ny aretin'ny voa, aty, vavony, tsinay

Fitsaboana natoraly ny aretin'ny voa, aty, vavony, tsinay indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.

Ny papaye dia voankazo mahafinaritra izy io noho ny mombamomba azy, miasa tonga lafatra ho an'ny fandevonan-kanina ary manadio ny any anatin'ny vatana. Manankarena "fibres", "calcium", "phosphore", "fer", "papaïne", "thiamine", "niacine" ary "vitamines" mitondra otrikaina anisan'ny tsara indrindra ny papaye.

Ny ankamaroantsika dia manary ny voan'ny papaye ao anaty fako, tsy fantatr'izy ireo fa misy tombony tsy tambo isaina anefa izany.



- Manatsara ny fiasan'ny voa.
- Manasitrana ny tsy fahombiazan'ny voa (soigne les insuffisances rénales).
- Manadio ny aty.
- Manasitrana ny vavony.
- Manadio ny tsinay.
- "Vermifuge", na ody kankana koa ny voana papaye.
- Manohitra ny mikraoba sy katsentsitra (contre les microbes et les parasites).
- Manatsara ny fahasalamana.

FIKARAKARANA NY VOAN'NY PAPAY:

- Papaye masaka iray.
- Alaina hiavaka ny voany fotsiny (tsy sasana, tsy asiana na inona na inona).
- Hamainina amin'ny masoandro mandrapaha-maina tsar any voana papaye.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Antenina distrikan'i Soanierana Ivongo faritra Analanjirofo

Ny tanànan'Antenina distrikan'i Soanierana Ivongo faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Antenina ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 8 mandrafitra ny distrikan'i Soanierana Ivongo. Any afovoany andrefan'ny faritra Analanjirofo no misy azy. Efa azo lazaina ho avo toerana ity tanàna ity, satria 477 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny jirofo, ny lavanila, ny vary, ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny katsaka, ny vomanga.



CEG Soamanandrariny

# Miroso amin'ny fanatsarana sy fanavaozana

Ny taona 2006 no niorina ny CEG Soamanandrariny. Ankehitriny, mananika ny 834 ireo mpianatra manovo fahalalana ombampahendrena eny an-toerana. Rakotondratsimba Fenomanana Tsilavina Luc, no Tale mitantana azy ankehitriny. Ity farany izay azo ambara fa tsy atoro voanjo hadiana amin'ny tontolon'ny fampianarana noho ireo traikefa sy haizatra matevina miampy ireo marim-pahaizana ananany eo amin'ny sehatry ny fanabeazana amin'ny ankapobeny.
Ankoatry ny fanatsarana ny foto-drafitrasa hita maso toy ny fanavaozana ny tranom-boky sy ny ho fandrakofana vatokely tsy ho ela ny tokontanin-tsekoly ary ny fananganana efitrano voatokana ho an'ireo mpampianatra sy ny firosoana amin'ny fananganana ny tranom-boky nomerika dia tsy natao ho ambanin-javatra ihany koa fa nitondrana fanavaozana sy fanatsarana ny lafiny fomba fiasa (Fitantanan-draharaha sy ny fampianarana) eo anivon'ny CEG Soamanandrariny. Anisan'izany ny fanamafisana ny fitsipi-pifehezana eo amin'ny samy mpiara-miasa sy ireo mpianatra eo anivon'ny CEG Soamanandrariny, hoy ny Tale Ramose Tsila. Nisy, araka izany, ny fanomezana fiofanana ireo mpanabe. Anisan'ny fanamby goavam-be napetraka ihany koa ny fanatsarana ny kalitaon'ny tolotra ara-pedagojika omena ireo mpianatra eny an-toerana. Miara-dalana amin'izany ihany koa ny fampiakarana ny lentan'ny fahaizan'ireo mpianatra izay



*Ramose Tsila, Talen'ny CEG Soamanandrariny.*

tsikaritra fa somary ambany ihany izany amin'ny ankapobeny. Misy, araka izany, ny fanolorana fampianarana fanampiny maimaimpoana ho an'ireo mpianatra. Miara-misalahy mandrakariva amin' ireo Ray aman-dRenin'ny mpianatra ny sekoly ho amin'ny fanatanterahana ireo rehetra ireo, hoy hatrany Rakotondratsimba Fenomanana Tsilavina Luc amin'ny alalan'ny fanatanterahana fivoriambe eo amin'ny roa tonta. Ankoatra ireo, manana fiaraha-miasa matotra amin'ny Lisea Frantsay ho amin'ny fanatsarana ny fanabeazana amin'ny ankapobeny sy ny sehatry ny fampianarana teny vahiny ihany koa ny CEG Soamanandrariny. Tsy nohadinoin'ireo mpitantana ny sekoly ny lafiny fibeazana ara-batana amin'ny alalan'ny fanatanterahana ireo lalao ara-panatanjahatena andraisan'ireo mpampianatra, mpianatra ary sekoly ivelany anjara. Tanjona ny hanamafisana mandrakariva ny firaisankina sy hisian'ny fifanakalozana ho amin'ny fikatsahana hatrany ny tombontsoa iombonana.

***Lalasoa Razafindrakoto***

Dr Rakotondranaivo Jean Pierre

# Manasitrana ireo karazana aretina samihafa ny Tasa Madagasikara

Maro ireo olona mitaraina, fa marary aty sy voa, noho ny fihinanana fanafody tsy azo antoka ary manimba ny taovan' olombelona ny ankamaroan'izy ireny. Ny Dr Rakotondranaivo Jean Pierre, izay mpiandraikitra ny fitsaboana nentim-paharazana Tasa Madagasikara dia mandray antanana sy mitsabo an'ireo endrik' aretina rehetra, satria nianatra sy nandalina ny fampiasana an'ireo vokatra zavamaniry manasitrana ny aty sy ny voa ary ny aretina hafa ireto farany ary manome fiofanana an'ireo mpiasa, mba hahafehy ny fitsaboana izay atao. Nanohy fanazavana ny Dr Rakotondranaivo Jean Pierre, fa afaka mampatanjaka ny



*Ny tompon'andraikitra voalohan'ny Tasa Madagasikara.*

fikorianan'ny rà sy ny vanin-taolana amin'ny alalan'ny fampianarana ny olona amin'ny fihinanana sakafo sy ny fahaizamiaina ny Tasa Madagasikara, ka tokony hanana faharetana amin'ny fanarahana an'ireo toromarika omen'ny mpitsabo ny olona marary iray, satria "Traitement" no ataon'ny mpitsabo nentim-paharazana fa tsy "Calmant" akory. Nanamafy ny Dr Rakotondranaivo Jean Pierre, fa afaka manao dokambarotra ny tenany amin'ny mpitsabo ity farany, fa tsy manao dokam-barotra ny fanafody vokarin'ny Tasa Madagasikara ary mba hisakanana an'ireo fanafody izay manimba ny taovan'olombelona dia tsy azo atao ny fanaovana dokam-barotra ny vokatra fanafody nentimpaharazana araka ny lalàna momba ny fifehezana ny asa fitsaboana nentim-paharazana, izay manan-kery eto Madagasikara. Nanamafy izy, fa manana taratasy ara-dalàna ho mpikambana ao amin'ny DPLMT "Rassemblement de tradipraticien" ny mpitsabo nentim -paharazana Tasa Madagasikara ary voasokajy ho mpitsabo mpanampy " Complement alimentaire", izay nahavita fandalinana momba ny fitsaboana nentim-paharazana hanatsarana ny fahasalamam-bahoaka. Manome antoka ny olona amin'ny fitsaboana ny aretina maro samihafa ny Tasa Madagasikara tarihan'ny Dr Rakotondranaivo Jean pierre, ka tsy tokony hanana fiahiahiana amin'ny fahavoazan'ny taova amin'ny fitsaboana izay atao azy ny olona marary iray raha manatona ny Tasa Madagasikara.

***Franck Razakambelo***

Tournoi de Pâques National 2023

# Nisy indro kely fa vonona amin'ny fanarenana ny 3Fa

Tontosa an-tsakany sy an-davany tamin'ny sabotsy 15 aprily 2023 lasa teo ireo famaranana ny tournoi de Pâques National 2023, nokarakarain'ny club 3fa Avaradrano, rehefa notanterahina nandritra ny 06 andro teo amin'ny kianjan'ny Fifankatiavana Ankadikely ka natrehan-dRtoa solotenan'ny Délégué Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena sy Atoa Lefitra faharoa ny Ben'ny Tanana Ankadikely. Nisy indro kely ny fikarakarana an'ity hetsika ity araka ny fanamarihana nataon'ireo mpandray anjara izay mbola nahitana ny fidonginzinanany delegasion'i Boeny hatramin'ny omaly alatsinainy 17 aprily tsy nety nody na dia efa tamin'io sabotsy io aza no nifarana ny fifaninanana. Vonona ny hanarina an'izany lesoka izany anefa ny 3Fa amin'ny andiany manaraka Resaka saran-dalana fiverenana any aminy no olana nahazo ny delegasion'i Boeny ka nitalahoany tany amin'ny fokontany mihitsy. Anjaran'ny delegasiona tsirairay anefa ny manefa an'izany sara-dalana izany sy ny fisakafoana taty amin'ny fifaninanana fa ny trano nivantanana ihany no nokarakarain'ny mpikarakara. Voalaza anefa fa tsy nitondra na dia vilany iray handrahoan-kanina azy ny delegasion'i Boeny. Marihana fa ekipa nahatratra 30 avy amin'ny Faritra 6 eto Madagasikara no nandray anjara tamin'ity fifaninanana ity . Tao amin'ny CEG Ankadikely sy ny Commune Ankadikely izay mpiara-miasa amin'ny club 3fa Avaradrano voalohany no nampiantrano an'ireo mpifaninana rehetra tamin'ity hetsika ity. Amin'ny tapaky ny volana Aogositra 2023 indray moa ny fotoana amintsika rehetra hiatrika ny fifaninanana andiany faha -12 karakarain'ny A.S.S.C.B na ny Dandjy-3fa. Voka-dalao famaranana rehetra : Sokajy 08 taona : Afc Ankadikely - 3fa Avaradrano (01-00), Sokajy 10 taona : Espoir Mada Itaosy - Varatra Androhibe (01-00), Sokajy 12 taona : Varatra Androhibe - Asm Mampikony Sofia (03-02 tirs au but), Sokajy 14 taona : As Tam Sakay - Jet akademie samy Bongolava (03-01), Sokajy 16 taona : Tfc Sab/Nam - Afc Ankadikely (05-04 tirs au but), Sokajy vehivavy : Ac Sab/nam - Ufa Sab/nam (02-00), Sokajy 18 taona : avenir Betsiboka vs Jet académie Bongolava (01-00).

***Rainilita***

Mpanakanto « Mômô Modakely »

# Mivoy ny « Kilalaky nohavaozina »

Randrianantenaina Modakely, « Mômô Modakely ». Iray amin'ireo mpanakanto tinaizan'i Bivy sy Alain Boutr. Izy mirahalahy ireto izay samy efa lasa nodimandry ary azo ambara fa andrarezina teo amin'ny fikikarakirana ny mozika. Nanovo fahalalana manodidina ny Kilalaky teo ambany saokan'i Tsiliva ihany koa ny tovolahy. Fianakaviana mpanao mozika rahateo no nipoirany.
Miezaka mikaroka ny fomba entina manatsara hatrany ny Kilalaky ity mpanakanto vao erotrerony ity. Ketrika vao vitany tsy ela ny fampiarahana



*Mômô Modakely, Zanaka Pastora ny tovolahy.*

ny kilalaky amin'ny tsapiky sy ny Jihe. Ankoatry ny talenta ananan'i Mômô Modakely eo amin'ny famoronana hira dia mitendry zavamaneno toy ny vatamaroafitsoka, aponga maroanaka ary gitara ny tovolahy. Nilona ela tao anatin'ny fanafanana lanonana ihany koa inty mpanakanto Zanaky Menabe inty. Ireo fiainana andavanandro eny anivom-piaraha-monina no entiko mamokatra ireo tononkirako, hoy izy ary ezahana mandrakariva mba hirakitra hafatra mafonja sy sahaza ny isam-batan'olona izy ireny.
Mampiavaka an'i Mômô Modakely ihany koa ny fisian'ny fanehoana anatin'ny tantara fohy an-tsehatra ny tononkira sy ny talenta ananany eo amin'ny lafiny dihy. Ampahany amin'ireo vazo efa nahafantarana azy ny « Ex bonbon » sy ny « Mihetsiketsika ». Andalana ho amin'ny fanaparitahana sy fampahafantarana ireo sanganasany sy ny fikarohana vitany manodidina ny kilalaky ankehitriny i Mômô Modakely. Vonona hiarahiasa malalaka amin'ireo tsara sitra-po rehetra ho amin'ny fanandratana avo ny kilalaky ny tovolahy.

***Lalasoa Razafindrakoto***

Rugby Andohatapenaka

# Nifandimby hatrany ny rugby vehivavy sy Top 20

Nifandimby hatrany tamin'ny sabotsy 15 sy tamin'ny alahady 16 aprily 2023 ny fanatrehana ny mpankafy an'ity taranja ity ny rugby vehivavy sy ny fifaninanana Top 20 ten y amin'ny kianja Makis Andohatapenaka. Ireo vokatra azo : 2è Division vehivavy : Asut Université d'Antananarivo (55) – (00) XV Red Tanjombato, Uasc Cheminot (37) – (08) Rosa Club Antohomadinika. 1ère Division vehivavy : Ftm Manjakaray (19) – (27) Rcts Soavimasoandro, Scb Besarety (11) – (11) 3Fb Fahasalamana. XXL Energy Top 20 : Tfma Ankasina (64) – (17) Fbm Bemasoandro, 3Fb Fahasalamana (51) – (18) XV Avenir, Stm Savonnerie (36) – (33) Ftba Andohatapenaka, Tfa Anatihazo (23) – (16) XV Fa Ampasika.

***Rainilita***

Orange Pro-League 2022-2023

# Tontosa tamin'ny faran'ny herinandro ny andro faha-14

Tontosa tamin'ny faran'ny herinandro ireo lalao niisa 7 tafiditra amin'ny andro faha-14 amin'ny fifaninanana baolina kitra « Orange Pro-League 2022-2023 ». Voka-dalao andro faha-14 : Fosa Juniors Fc (7) – (0) Tia Kitra Fc, Asa Diana (0) – (0) Cosfa, Uscafoot (0) – (0) As Fanalamanga, Dato Fc (1) – (6) Disciples Fc, Cffa (3) – (0) Jet Kintana, Elgeco Plus (2) – (1) 3Fb Toliara, Zanakala Fc (3) – (2) Mama Fc. Hatao amin'ny andro manaraka kosa ny lalaon'ny Tffc sy ny Ajesaia. Taorian'ny fahatontosan'ny andro faha-14 tamin'ny faran'ny herinandro teo (asabotsy 15 sy alahady 16 aprily 2023) dia mbola ny ekipan'ny Fosa Juniors Fc "Conférence Nord" manana isa 31 sy ny Cffa "Conférence Sud" manana isa 28 no mitarika an'isa vonjimaika amin'ny fifaninanana Manaraka azy ireo eo amin'ny laharana faha-2 sy faha-3 avy ny Cosfa (isa 25) sy ny Elgeco Plus (isa 25) ary ny As Fanalamanga (isa 21) sy ny Mama Fc (isa 20).

***Rainilita***

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**15/04/2023 hatramin'ny 22/04/2023**

- **ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68/032 12 714 17/034 12 714 17
- **MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69
- **ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 22 354 42
- **RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 020 22 234 04
- **FANOMEZANTSOA** (Ambondrona) 020 22 286 85

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1426-04-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**MPANAKANTO MPIVOHY TSAPIKA SALEGY**

# Lasa ambasadaoron'ny Telma koa i Lico Kininike

Nambaran'ny Telma tamin'ny fitafatafana tamin'ny mpanao gazety teny amin'ny "Campus Andraharo" omaly alatsinainy 17 aprily 2023 fa notendren'izy ireo hiara-hiasa aminy ka nataony ho ambasadaorony vaovao hanompy an'ireo efa teo taloha i Lico Kininike na i Pascal Ginet Lico amin'ny anarany ao anaty kara-panondrom-pirenena. Fiaraha-miasa hoentina hanandratana ny kanto Malagasy indrindra indrindra ity natao ity ka voalaza tetsy Andraharo fa samy hahazoan'ny roa tonta tombony avokoa tahaka ny fanohanan'ny Telma an'ity mpanakanto ity amin'ny hetsika rehetra hataony manomboka eto sy ny fampahafantaran'i Lico Kininika ny Telma sy ny vokatra hamidiny manerana ny nosy sy any amin'izay rehetra halehany (manao "promotion telma" sy mitondra any rehetra any ny "marque telma". Niaraka tamin'ny ankamaroan'ireo mpikamba ao amin'ny tarika




*Lico Kininika sy ny Telma teny Andraharo.*


Lico Kininika izay ahitana ny rainy, Pascal, izay "soliste" tamin'ny fotoanandro fahaveloman-dRasoa kininika vadiny sy reninin' i Lico rahateo ity mpanakanto ity tamin'io fanambarana natao io. Nisy ihany koa fahampahafantarana tsotsotra ny amin' ny tarika Lico Kininike tarihany izay nanomboka nalaza tamin'ny taona 2018 rehefa nanampankevitra handimby ny anaran-dreniny teo amin'ny sehatry ny zava-kanto rehefa lavon'ny lozam-pifamoivoizana tamin'ny taona 2015 ity farany. Fantatra tamin'izany ihany koa fa vao 5 taona monja i Lico dia efa niaraka niakan-tsehatra tamin-dray aman-dreniny ary lasa mpitendry apongamaroanaka niaraka tamin'izy ireo mihitsy aza teo amin' nyf aha-13 taonany.

***Rainilita***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 431**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0430)

***Mitsivalana***

- Ilaozana
- Mando – OM
- Dimy
- Ror(a) – Anio
- Basy (miv) – Ora
- Nanome
- AA – Lma

***Mitsangana***

- Imerina
- La – Osa
- Andrana
- Ody – BOA
- Zoma
- Leony (miv)
- No – Ia
- Amboara

Fiafaran'ny Ramadany

# Andro tsy hiasana fa handraisana karama ny zoma izao

Hifarana ny zoma izao ny iray volana nifehezana, na Ramadany ho an'ny mpino Silamo eto Madagasikara. Noho izay antony izay, andro tsy hiasana fa handraisana karama ny zoma 21 Aprily ho avy izao izay Aïd El-Fitr, famaranana ny Ramadany ho an'ireo mpino Silamo Malagasy. Arak'izany, hikatona avokoa ny orinasa rehetra misy eto amintsika, tsy hiasa ihany koa ny mpiasam-panjakana sy ny amin'ny sehatra tsy miankina rehetra manerana ny Nosy, araka ny fanapahankevitry ny fitondram-panjakana.

***Aly***

Ampangabe Ambohidratrimo

# Vehivavy nahatratrarana vola sandoka 2.800.000 Ar


Miandahy miambavy ny fanaovan-dratsy eto amintsika. Vehivavy iray no tra-tehaka niaraka tamin'ny vola sandoka, izay saika nividianany entana tamin'ireo tantsaha mpamboly, teny amin'ny Kaominina Ampangabe, fokontany Soamanjaka ao amin' ny distrikan'Ambohidratrimo faritra Analamanga. Vola sandoka 140 isa tamin'ny vola 20.000 Ar, izay nahatratra 2.800.000 Ariary (14.000.000fmg) no sarona tany amin'ity Ramatoa ity. Asa an-terivozona mandra-pahafaty no tokony ho sazy, ho an'izay tratra manao izany vola sandoka izany.



*Ilay Ramatoa tratra nitondra vola sandoka.*

***Niaina***

**TENY MIFANAPAKA N° 431**




**Mitsivalana**

**1.** Manao sangisangy **2.** Taranaka mamboly (miv) – Fanafohezana ny minitra **3.** Maneho ny fiangonana **4.** Hazo maro – Ohatra – Ranom-bava **5.** Atao amin'ny fomba mora **6.** Tiany, iriny **7.** Tampisaka – Alon-dranomasina **8.** Marika – Ao amin'ny fery **9.** Karatra matanjaka – Ankizy kely taona – Naoty **10.** Tovano – Volana

**Mitsangana**

**A.** Miahiahy, kanosa **B.** Biby (miv) – Reraka, tsy ampy hery **D.** Nalahatra tsara, tsy mikorontana **E.** Lavitra – Harena (BL) – Zandarimaria **F.** Nanaovanay antsoantso tsy fankatoavana **G.** Mpisolo tena – Voaray, tra-tehaka **H.** Fanontaniana **I.** Mahazo tampoka tsy ampoizina **J.** Nivadika zavatra hafa – Fototongotra **K.** Fanitarana – Zava-maniry masiaka

### Valiny Teny mifanaraka 0430

**Mitsivalana**

**1**.Hasasarana **2**. Ivy - O.I **3**. Tononkalo **4**. Sotro - Piso **5**. Arovy **6**. Reny - (V)al(o) **7**. Alika (miv) - Atao (miv) **8**. Nenina - Tao **9**. Fitiavana (miv) **10**. Aia ? - Divay

**Mitsangana**

**A** Hatsarana **B**. OO - Ekena **D**. Sintoninay **E**. Rova (miv) - Avily (miv) **F**. Sinoa - Ana **G**. Ra - Dia (miv) **H**. Roapolo - Ti **I**. Vilia (miv) - Vita (miv) **J**. Osy - Tafa **K**. AG - Hao

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny filoha Marc Ravalomanana sy ny ankohonany, nanamarina ny anaran'izy ireo tamin'ny lisi-pifidianana, tao amin'ny biraon'ny fokontany Faravohitra.**





**Ny fitsidihan'ny filoha Marc Ravalomanana ny tany amin'ny faritra Menabe ny faran'ny herinandro teo.**









**Ny filoha Marc Ravalomanana, niaraka niombom-bavaka tamin'ny kristiana tao amin'ny fiangonana FLM Betela Morondava.**

